



## **Fikarohana mandray anjara hanampiana ny fitantanana maharitra ny tanin'ny lembalemba Mahafaly, atsimo andrefan'i Madagasikara (SuLaMa)**

Ny tetikasa SuLaMa (Sustainable Land Management) dia tetikasa mandray anjara izay itambaran'ny sehatra maro toy ny ekôlojia, ny sôsialy sy ekônômia, ny fitantanana ny harena voa-janahary mba hampitomboana ny fitantanana maharitra ny tany (FMT), ary ny fampandrosoana ny lafiny hafa eo amin'ny lembalemba Mahafaly. Ny FMT dia mahamarika fa ny olona sy ny harena voa-janahary izay mifampiankina mivantana na tsia, dia mifandray tokoa. Tsy hojerena misaratsaraka ny singa ao amin'ny «écosystème»; tsaratsara kokoa ny hijerena azy ireo miaraka mba ahazoana tombontsoa ekôlojika, sôsialy ary ekônômika maro.



Ny faritra iasan'ny tetikasa SuLaMa: ny lembalemba Mahafaly izay efa ekena fa tafiditra ao anatin'ny fiverimberenana matetiky ny «fahantrana-fahasimban'ny tontolo iainana-fahantrana». Io faritra io koa anefa dia fantatra eran-tany noho ny fananany fahasamihafana zava-manan'aina, biby sy ny zava-maniry miavaka. Ny mampiavaka ny ala eo an-toerana dia noho izy misy zava-maniry tsiloina izay manana ny taha avo indrindra eto Madagasikara ho an'ny zava-maniry ahalalana ny faritra iray (95% eo amin'ny sokajy spesifika).

Ny lokalokan'ny FMT ho an'io faritra io dia mikasika ny fiatraikan'ny fahasimban'ny tany amin'ny ekônômia, ekôlojia ary sôsialy. Matetika ny fahasarotana dia mikasika ny (1) tsy fahampian'ny fanarahana sy ny fandrefesana ny fahasimban'ny tany sy ny fiatraikany, (2) ny fijery misaratsaraky ny tetikasa maro momba ny FMT, (3) ary ny tsy fahampian'ny fahafahana sy traikefa eo an-toerana mikasika ny FMT. Tafiditra anatin'izany ny mpamboly, ny vondron'olona ary ny mpiasa eo anivon'ny ONG izay miasa amin'io faritra io.

Noho izany, ity **tetikasa ity dia mikaroka sy mamantatra**:

- ny toetoetry ny harena ara-voa-janaharin'ny «*écosystème*» tsirairay sy ny fizotrany (toetr'andro, tany, rano, zava-maniry, biby), ny fanoherany manoloana ny fiovan'ny toetr'andro;
- ny toetoetra sôsialy sy ekônômika ary kolotalin'ireo izay miaina sy/na miankina amin'ny harenan'ny «*écosystème*» tsirairay (mponina, endriky ny tokantrano, finoana kolotaly, tetika amin'ny fomba fivelomana, vola miditra, fari-pahaizana, sns);



- ny asa sy sampan'asa mikasika ny tontolo iainana entin'ny «*ecosystème*» lavorary (fiarovana ny «*bassins versants*», fitazonana ny fahavokaran'ny tany, fitazonana ny karbôna, fanatsarana ny «*microclimats*», fiarovana ny faha-samihafan'ny zava-manan'aina, sns.); ary
- ny fahasaratana maro sy ny tranga mahasoia izay mifandray amin'ny fampiasana ny harena voa-janaharin'ny «*écosystème*» mba hamaliana ny filàna ara-ekônômika sy ny hatsaram-piainan'ny mponina (eo amin'ny sakafo, ny rano ary ny angovo).

Ity tetikasa ity izany dia manolotra lalana mba hahatongavana amin'ny FMT eo amin'ny lembalemba Mahafaly. Mba hahatrarana ny vokatra voalaza etsy ambony dia misy ny sampan'asa miisa 6 mitambatra anatin'ny vondron'asa (WP).

**Ny mpiara-miasa amin'ny tetikasa:**

Allemagne	Madagasikara
Oniversiten'i Hambourg Oniversiten'i Kassel Institut allemand sur l'agriculture tropicale et subtropicale Oniversiten'i Marburg Oniversiten'i Greifswald TU Cottbus WWF Allemagne	Oniversiten'Antananarivo Oniversiten'i Toliara  Association Vahatra Madagascar National Parks Act for Nature WWF Madagasikara

**Faharetany:** 2011 hatramin'ny 2015

**Mpamatsy vola:** BMBF – Funding Measure (Allemagne)

**Serasera:** Prof. Dr. Jörg Ganzhorn, Oniversiten'i Hambourg,  
ganzhorn@zoologie.uni-hamburg.de